LA JEUNESSE POUR LES DROITS HUMAINS ET LA JUSTICE CLIMATIQUE, ECONOMIQUE ET ECOLOGIQUE

farm — Femmes en Action Rurale de Madagascar

CRAAD-OI
Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement - Océan Indien

RSCDA-OI
Research and Support Center for Development Alternatives - Indian Ocean

FI.MA — Fikambanan'ny Masikoro Arivolahy

MA.ZO.TO — Miaro Aina Zon'Olombelona Tontolo Iainana

# FANAMBARÀNA

## 30 Janoary 2023

## ATSAHARO NY FIRAISAN-TSIKOMBAKOMBAN'NY OLOM-BOAFIDY AMIN'NY ORINASA AVY ANY IVELANY MBA HANAOVANA TERY VAIMANTA NY FOKONOLONA VOAKASIKA HANAIKY NY TETIKASA FITRANDRAHANA MAMPIDI-DOZA BASE TOLIARA IZAY EFA NOLAVINY ANKITSIRANO HATRAMIN'IZAY.

Tsapa tao anatin'ny volana maromaro teo amin'ny haino aman-jery, fa mandefa fanambarana tsy ankijanona ireo manam-pahefana sy olom-boafidy ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, izay efa hita taratra fa niova soratra ho mpanera sy mpikolikolim-pifandraisan'ny orinasa australiana Base Resources mba hahafahany miverina mandray asa fitrandrahana amin'io tetikasa Base Toliara io. Toa mitohy malalaka ary tsy ahitan-tsiny ity fampielezan-kevitra ity, na dia eo aza ny fandraran'ny Filankevitry ny Minisitra ny asa sy ny fampitam-baovao rehetra momba ny Base Toliara, kanefa ireo solontenan'ny fokonolona izay manohitra ity tetikasa ity dia misedra olana goavana mba hohenoina na eo amin'ny haino aman-jery na eo anivon'ny manam-pahefana voakasik'izany.

Tena tsy mety sady tsy rariny kosa raha toa ka ny Tale Jeneralin'ny Base Resources no afaka nihaona matetika tamin'ny Filoham-pirenena[1], kanefa ireo tompon'andraikitra sy ny mpandray ny fitarainana ao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika dia samy nandà ankitsirano ny handray sy hampita amin'ny Filoham-pirenena ny taratasy nosoratan'ny solontenan'ny fokonolona[2] izay miangavy azy indray maka hampijanona tsy misy hatak'andro ny tetikasa Base Toliara.

Ambonin'izany, dia manahiran-tsaina tokoa ny fahitana ny firaisana tsikombakomban'ny mpitondra politika amin'ireo orinasa mpitrandraka amin'ny firenena samihafa toy ny Base Toliara sy Rio Tinto, izay tetikasa miteraka voka-dratsy maro izay efa fantatra tsara eo amin'ny ireo fokonolona voakasika[3]. Ity firaisana tsikombakomba ity dia tena manafintohina tokoa satria manitsakitsaka ny zon'ny mponina amin'ny fandavana na fanekena malalaka ny tetikasa toy itony, ary indrindra loza manambana ny antom-pivelomany sy ny zony amin'ny tany, ny rano ary ny tontolo iainana madio, mahasalama sady maharitra.

Manoloana ny fiparitahan'ny tsaho momba ny hanambarana tsy azo ivalozana ny fiverenan'ny asan'ny Base Toliara, ireo fikambanana manao sonia an'ity fanambarana ity dia mampahatsiahy ny Filoham-pirenena sy ny manam-pahefana rehetra voakasika, fa amin'ny olom-pirenena izay nifidy azy no hananany tamberin'andraikitra voalohany indrindra, sady izy ireo ihany koa no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanajana sy fiarovana ary fanatanterahana ny zon'ireo olom-pirenena ireo.

Noho izany dia manao antso avo amin'ireo mpitondra ireo izahay etoana, mba hihaino ny feon'ny fokonolona izay tsy nitsahatra nitaky an-taona maro izay ny fanajanonana tsy misy hatak'andro ity tetik'asa Base Toliara ity, ary ny fanampiana azy amin'ny fomba sahaza ho fampandrosoana ny seha-pihariana ivelomany amin'ny fambolena sy fiompiana ary jono nentim-paharazana.

Antananarivo faha-31 Janoary 2023

- **Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement – Océan Indien (CRAAD-OI)**
- **Miaro Aina Zon'Olombelona Tontolo Iainana (MA.ZO.TO)**
- **Fikambanan'ny Masikoro Arivolahy: FI.MA.**
- **Femmes en Action Rurale de Madagascar (F.A.R.M)**
- **Réseau des Jeunes pour le Développement Durable (RJDD)**

---

**(1) Cf Africa Inteligence du 06/01/23**
**(2) Tamin'ny volana Oktobra 2022**
**(3) Momba ny Base Resources, cf Hakijamii, 2017 ."Titanium Benefit sharing in Kwale County"**
**https://www.hakijamii.com/?p=1889**
**Cf RIO TINTO/ Corporate RAP Sheet, https://www.corp-research.org/rio-tinto**